# “Avelaonareo aho amin'ny zavatra izay tsy natolotro anareo, fa tsy nisy afa-tsy ny fanontaniana sy ny tsy fitovian-kevitra tamin’ireo mpaminaniny no naharendrika ny vahoaka teo alohanareo

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Avelaonareo aho amin'ny zavatra izay tsy natolotro anareo, fa tsy nisy afa-tsy ny fanontaniana sy ny tsy fitovian-kevitra tamin’ireo mpaminaniny no naharendrika ny vahoaka teo alohanareo , koa raha misy zavatra norarako anareo dia alaviro,fa izay nodidiko aminareo kosa dia ataovy arak'izay havitanareo azy".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nitanisa ireo lalàna silamika ny Mpaminany (S.A.W) ka nizara izany ho sokajy telo, dia ireto avy : izay tsy nasiana resaka ny momba azy, sy ny nosakanana, ary ny nodidiana. Ka ny voalohany dia : izay tsy voalazan'ny lalàna: izany hoe tsy misy lalàna momba azy, ary ny lalàna fototra momba ny zavatra rehetra dia ny tsy terena ny fanaovana azy; Raha ny tamin’ny fotoan'ny Mpaminany (S.A.W), dia takina ny tsy hametrahana fanontaniana momba ny zavatra tsy misy akory noho ny tahotra sao hisy didy na fandrarana momba azy, satria Allah namela izany noho ny famindram-po ho an’ny mpanompony. Ary raha aorian’ny fahafatesan'ny Mpaminany (S.A.W) kosa ka raha ny fanontaniana momba lalànan'ny finoana na ho fampianarana momba ny zavatra ilaina amin'ny finoana, dia azo atao ary asaina hanao izany mihitsy, ary raha ao anatin’ny endriky kitoatoa na tia hanontanitany fotsiny, dia izany no voalaza fa tsy tokony hanontaniana araka ny voarakitra amin'ity hadith ity; Satria izany dia mety hitarika ho toy ny zava-nitranga tamin'ny Zanak'Israely, rehefa nasaina namono omby vavy izy ireo, ka raha namono omby vavy izy ireo dia nahavita ny adidy, saingy hentitra izy ireo, ka nihatra tamin'izy ireo ny sazy entitra. Ny faharoa : ireo fandrarana; Izy ireo dia : Hahazo valisoa izay namela azy, ary hahazo sazy izay mpanao azy, ka tsy maintsy ialana avokoa izany. Ny fahatelo : Ireo didy; Izay manao izany dia mahazo valisoa, ary voasazy izay manambela azy, ka tsy maintsy atao izany araka izay vita.